# NY HERIN'NY FITSANGANAN'I KRISTY TAMIN'NY MATY



Lesona 8 hatao ny 22 Aogositra, 2026


“ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny toriteninay, ary foana koa ny finoanareo. . . . ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny finoanareo; ary mbola ao amin'ny fahotanareo ihany ianareo!” (1 Korintiana 15:14–17)



Araky ny filozofia Grika—izay mifototra amin'ny tson-kevitr'i Platon—ny vatana, izay amin'ny ankapobeny dia ratsy, dia tsy inona fa fonja ho an'ny fanahy mety maty ihany. Araka izany fisainana izany, midika inona ho an'ny Grika sy ny Romana ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty?



Noho izany antony izany, dia nanda ny fisian'ny fitsanganana amin'ny maty ny vondrona iray tao amin'ny fiangonana tao Korinto. Ao amin'ny toko faha-dimy ambin'ny folo amin'ny taratasy voalohany ho an'ny Korintiana no iresahan'i Paoly an'izany olana izany.

Tsy azo tsinotsinoavina izany. Mifandray ety amin'ny fanavotana ny fitsanganana amin'ny maty. Raha tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty... inona no antony hitoriana ny filazantsara?

## Ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty

Tranga teo amin'ny tantara ve ny fitsanganana amin'ny maty?
(1 Korintiana 15:1-11)

## Ny vokatry ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty

Ahoana raha tsy nitsangana tamin'ny maty i Kristy?
(1 Korintiana 15:12-19)


Inona no antoky ny fitsanganana amin'ny maty?
(1 Korintiana 15:20-34)

## Ny fitsanganantsika amin'ny maty

Vatana inona no hatsangana amin'ny maty?
(1 Korintiana 15:35-49)

Rahoviana isika no hatsangana amin'ny maty?
(1 Korintiana 15:50-58)

# NY FITSANGANAN'I JESOSY TAMIN'NY MATY



# TRANGA TEO AMIN'NY TANTARA VE NY FITSANGANANA AMIN'NY MATY?

"Fa natolotro anareo ho isan'ny zavatra voalohany indrindra ilay noraisiko, dia izao: Kristy maty noho ny fahotantsika araka ny Soratra Masina, dia nalevina, ary natsangana tamin'ny andro fahatelo araka ny Soratra Masina" (1 Korintiana 15:3-4)

Mialoha ny niresahany momba ny fisalasalan'ny Korintiana mahakasika ny fitsanganana amin'ny maty, dia nampahatsiahy azy ireo ny amin'ny fiasan'ny filazantsara i Paoly (1 Kor. 15:1-2):



Toriana → Raisina → Iorenana tsara → Azo ny famonjena

Koa inona no filazantsara toriana? (1 Kor. 15:3-4)



Kristy maty noho ny fahotantsika → Nalevina Kristy → Nitsangana tamin'ny andro fahatelo


Ahoana no ahafantarantsika fa tranga nisy teo amin'ny tantara ny fitsanganana tamin'ny maty? Iza no nahita an'i Jesosy nitsangana tamin'ny maty? (1 Kor. 15:5-8)




Petera sy ny 12 lahy → Rahalahy mihoatra ny 500 → Jakoba sy ny apostoly → Paoly "ilay tsy tonga volana"

Ataon'i Paoly mazava fa ny filazantsara dia asan'Andriamanitra tanterahina "araka ny Soratra Masina." Izany hoe: drafitra efa voaomana tsara ka mitana anjara lehibe ao amin'izany ny fitsanganana amin'ny maty. Misy misalasala ve? Aoka izy ireo hanontany ireo vavolombelona tamin'izany izay mbola velona ankehitriny!

# NY VOKATRY NY FITSANGANAN'I JESOSY TAMIN'NY MATY







# AHOANA RAHA TSY NITSANGANA TAMIN'NY MATY I KRISTY?

"ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny toriteninay, ary foana koa ny finoanareo." (1 Korintiana 15:14)



Ny fandavana ny fisian'ny fitsanganana amin'ny maty dia mahatonga ny finoana Kristiana ho tsy mari-pototra, satira "raha tsy misy fitsanganan'ny maty, na dia Kristy aza dia tsy natsangana" (1 Korintiana 15:12-13). Ary raha tsy nitsangana i Jesosy...

- Foana ny fitoriana ny filazantsara [tsy misy heviny] (1 Kor. 15:14a)
- Foana ny finoantsika [tsy misy heviny] (1 Kor. 15:14b) [tsy misy ilana azy] (1 Kor. 15:17a)
- Ho vavolombelona mandainga isika (1 Kor. 15:15)
- Ao amin'ny fahotantsika ihany isika (1 Kor. 15:17b)
- Tsy ho velona intsony ireo izay efa nodimandry (1 Korintiana 15:18)



Raha tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty, dia ho lehilahy marina novonoina tsy amin'ny antony i Jesosy, tsy afaka mamonjy. "Fa efa natsangana tamin'ny maty tokoa Kristy" (1 Korintiana 15:20a). Manana Mpamonjy VELONA isika.

Noho izany antony izany, dia misy heviny ny filazantsara; ary toy izany koa ny finoantsika; vavolombelona mahatoky isika; voavela ny fahotantsika; ary ho velona indray ireo maty ao amin'i Kristy.



# INONA NO ANTOKY NY FITSANGANANA AMIN'NY MATY?

"Nefa tsy izany, fa efa natsangana tamin'ny maty tokoa Kristy ho santatr'izay efa nodi-mandry" (1 Korintiana 15:20)



Ny zavatra azo antoka voalohany noho ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty ho antsika izay nandray ny drafi-panavotana– nanomboka teo amin'i Adama ka hatramin'ny fiafaran'izao tontolo izao – dia, raha maty isika, dia hitsangana indray (1 Kor. 15:20-23).

Inona no hitrangana aorian'ny fitsanganana amin'ny maty? Tamin'ny nandreseny ny fahafatesana, dia nandresy ny fahavalony rehetra i Jesosy (1 Kor. 15:25-26). Avy eo dia, hampaneken'i Jesosy ny Ray ny zavatra rehetra, mba "ho zavatra rehetra amin'izy rehetra Andriamanitra" (1 Kor. 15:24, 28).



Ho fanampin'ireo antoka ho amin'ny ho avy ireo, dia mbola manome antoka roa ho antsika izay hisy fiatraikany eo amin'ny fiainantsika andavanandro i Paoly:



1 Korintiana 15:30-32

Tsy mahafaty antoka ny mitory ny filazantsara, na dia miteraka fahoriana na koa loza aza izany.



1 Korintiana 15:33-34

Tsy mahafaty antoka ny manana fiainana mifototra mafy amin'ny fitsipika ao amin'ny Baiboly.

# NY FITSANGANANTSIK A AMIN'NY MATY



# VATANA INONA NO HATSANGANA AMIN'NY MATY?

"Dia toy izany koa ny fitsanganan'ny maty: Afafy amin'ny fahalòvana izy, atsangana amin'ny tsi-fahalòvana." (1 Korintiana 15:42)

**Fanoharana momba ny vatana hatsangana amin'ny maty:**

## Tenan'ny zava-maniry (1 Kor. 15:35-38)

- Afafy ny voa



- Jinjaina ny vary



- Andriamanitra no manome tena ny zava-maniry tsirairay, araka izay tiany.



## Tena nofo (1 Kor. 15:39)

- Nofon'ny olombelona



- Nofon'ny biby



- Nofon'ny trondro



- Nofon'ny vorona



## Tenan'ny any an-danitra (1 Kor. 15:40-41)

- Ny voninahitry ny masoandro



- Ny voninahitry ny volana



- Ny voninahitry ny kintana



- Samy manana ny voninahiny ny tsirairay (famirampiratana)




# RAHOVIANA ISIKA NO HATSANGANA AMIN'NY MATY?

"Dia toy izany koa ny fitsanganan'ny maty: Afafy amin'ny fahalòvana izy, atsangana amin'ny tsi-fahalòvana." (1 Korintiana 15:42)

**Inona no maha-samihafa an'izao vatana ankehitriny izao amin'ny an'ilay hatsangana amin'ny maty? (1 Kor. 15:42-44)**

| vatana ankehitriny | Vatana natsangana |
|---|---|
| Mety lo | Tsy mety lo |
| Afa-boninahitra | Manana voninahitra |
| Malemy | Mahery |
| Araka ny fomban'aina | Araka ny fombam-panahy |







Nanana tenan'ny eto an-tany i Adama, tenan'ny any an-danitra no an'Ilay Adama faharoa [Jesosy]. Amin'ny fitsanganana amin'ny maty, dia hovana hitovy amin'ny an'ny tenan'i Kristy, izay tsy mety lo, manana voninahitra, mahery, araka ny fombam-panahy, any an'ny an-danitra ity tenantsika ity (1 Kor. 15:45-49).

# RAHOVIANA ISIKA NO HATSANGANA AMIN'NY MATY?

"Indro, zava-miafina no ambarako aminareo: tsy hodi-mandry avokoa isika rehetra—."
(1 Korintiana 15:51)



Mialohan'ny hamaritana ny fotoan'ny fitsanganana amin'ny maty sy izay hitranga amin'ny tenantsika amin'izay fotoana izay, dia manao fanambarana i Paoly fa "ny nofo aman-drà tsy mahazo mandova ny fanjakan'Andriamanitra" (1 Kor. 15:50). Midika ve izany fa tsy misy vatana azo tsapain-tanana amin'ny fitsanganana amin'ny maty?

Ny fiteny "nofo aman-drà" dia mandrakariva entina hilazana "olombelona" (Mat. 16:17; Gal. 1:16; Efes. 6:12; Heb. 2:14). Maneho fampitahana i Paoly eto: mponin'ny Tany = fahalovana; mponin'ny Lanitra = tsy fahalovana. Eto isika dia manana vatana mihalo, noho izany, tsy afaka entintsika ho any an-danitra izy.



Amin'ny Fiaviany Fanindroany, ny vatana mety lo dia hovana ho vatana tsy mety lo, toy ilay vatana nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty (1 Kor. 15:51-55; Lio. 24:36-40).

Ho an'ireo matory ao amin'i Jesosy, dia ho toy ny fotoana vetivety monja izany. Vao iray segondra teo izy ireo no nahatsapa ny hirifirin'ny fahafatesana, ankehitriny izy dia efa mahita an'i Jesosy avy indray (1 Kor. 15:52).





EGW (The Faith I Live By, 23 Jona)

“Ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty dia ohatry ny fitsanganan'ny maty farany ho an'izay rehetra matory ao Aminy. Zavatra mahazatra ireo mpanaraka Azy, ny vatana nitsangan'ny Mpamonjy, ny fihetsiny, ary ny feony. Dia toy izany koa no hitsanganan'ireo izay matory ao amin'i Jesosy. Hahafantatra ny namantsika isika toy ny nahafantaran'ny mpianatra an'i Jesosy. Na dia mety voaovan'ity fiainana mety maty aza izy ireo, narary, na simba endrika, dia ho voatahiry tsara ny maha-izy azy manokana ao amin'ny vatany nitsangana amin'ny maty amin'ny voninahitra; ary ho hitantsika eo amin'ny tarehiny mamirapiratra noho ny hazavana avy amin'ny tarehin'i Jesosy ireo endrika mahazatra an'ireo olon-tiantsika.”